

Ny Sekoly Ho Aniny Rehetra

Mampiyat ny ankizy sembana sy ireo ankizy hafa ao anatin'ny fanabeazana

Nahoana no manondrotra ny fanabeazana mampiyat isika ? Satria:

- Miaiky izy fa manan-jo hianatra ny ankizy rehetra.
- Manome alalana ny rafitra sy ny tetika ary ny hailamina arapanabeazana mba hikaroka ny filàn'ny ankizy rehetra.
- Izy dia mandray anjara amin'ny kalitaon'ny fanabeazana ho an'ny rehetra.
- Manome fahafahana ny ankizy tra-pahasembanana hijanona eo anivon'ny fianakaviany sy ny fiaraha-monina misy azy.
- Ampahan'ny paika izay manondrotra ny fiaraha-monina mampiyat.
- Anisan'ny fitsipika fototry ny zon'ny ankizy

Fifanarahana iraisam-pirenena momba ny zon'ny ankizy :


Ny ankizy tra-pahasembanana dia manan-jo ho beazina ary ny sekoly dia manana andraikitra manabe ny ankizy rehetra. Kanefa ny maika indrindra amin'ny filàn'ny zaza tra-pahasembanana dia tsy miavaka fa filàna fototra. Ny ankizy tra-pahasembanana dia mila fialofana, sakafo, fitiavana sy tambitamby, fiarovana sy fanabeazana.

Ny CRC dia miaro sy manondrotra ny zon'ny ankizy rehetra, isan'izany ny ankizy tra-pahasembanana.

- Andininy 2 : Tsy fanavakahana
- Andininy 23 : Zon'ny ankizy tra-pahasembanana
- Andininy 28 et 29 : Zo ho beazina



Fanovàna ny rafi-panabeazana



Ao antin'ny fanabeazana mampiyat, ny rafitra no tokony hiova fa tsy ny ankizy. Ny fihetsaran'ny sekoly dia mety avy amin'ny fanabeazana mampiyat, na afaka manome fotoana mahamety ny fanondrotana bebe kokoa ny fampiharana ny fomba fampiatiana. Na inona na inona ny lèlana raisina, ny fanatsaràna ny sekoly dia tokony hibantan-toerana.

Ahoana ny fomba fanohanana ny fanabeazana mampiyat?

- Famoaboasana ny zava-misy.
- Fampivelarana ny sekoly filamatra.
- Fitolomana mba hiovan'ny rafipanabeazana.
- Fanondrotana ny politika sy ny lalàna mampiyat.
- Fitadiavana paika tsotra sy tsy lafo mba handresena ny sakana eo amin'ny tontolo iainana
- Famoronana tontolompampianarana mahay mandray.
- Fampiasana fitenenana tsotra, mazava sy mifampitohy
- Mampiseho fampianarana mahafinaritra.
- Mampiseho fanabeazana izay ilaina ho an'ny fainana sy ny lahsa andavanandro
- Fanekena fa samy manana ny gadom-pandraisana amin'ny fianarana ataony ny ankizy. Vokatr'izany dia tokony hiovaova ny fampianarana
- Mamaly ny filàn'ny ankizy tsirairay amin'ny fomba afaka milefitra sy avy amin'ny fahaiza-mamorona.
- Manana fomba fijery malalaka amin'ny fandaminana ny fipetrahany : fampiasana tsihy, vongan-kazo, na kodiarana efa tsy miasa intsony.
- Fampiasana fomba fampianarana mampiisa ny taovam-panamboloana rehetra. Izay mampisongadina ny fahasamihafan'izy ireo.
- Fanondrotana ny fomba fampianarana mampavitraka ny ankizy sy kolosaina izay iarahan'ny ankizy samy ankizy.
- Fandrisihana ny mpampianatra mba hiaraka handinika sy hamaha ny olana miaraka.
- Fampandraisana anjara ny ray amandreny sy ny fiaraha-monina.

Iliana ny teknika ara-hairaha roa sosona eo amin'ny fanabeazana mampiyat:

- Fanovàna ny rafi-panabeazana.
- Mijery manokana ny filàna manokan'ny ankizy tsirairay.



Dikan-teny malalaka nataon'ny
HANDICAP INTERNATIONAL

 Save the Children



The Enabling Education Network – EENET
c/o Educational Support and Inclusion, School of Education,
University of Manchester, Oxford Road, Manchester M13 9PL, UK
Tel: +44 (0) 161 275 3711 Fax: +44 (0) 161 275 3548
E-mail: info@eenet.org.uk Site Internet: www.eenet.org.uk